# Nisy lehilahy iray tonga teo amin’ny Mpaminany (S.A.W) ka niteny hoe : “Assalam Alaikom - Ho aminao anie ny fiadanana" avy eo dia nipetraka izy, ary namaly ny fiarahabany i Mpaminany (S.A.W) ka niteny manao hoe : “Folo”

Tatitra azo avy tamin'i Imran Ibn Hoswain (R.A) niteny : Nisy lehilahy iray tonga teo amin’ny Mpaminany (S.A.W) ka niteny hoe : “Assalam Alaikom - Ho aminao anie ny fiadanana" avy eo dia nipetraka izy, ary namaly ny fiarahabany i Mpaminany (S.A.W) ka niteny manao hoe : “Folo” Dia tonga ny iray hafa ka niteny hoe : “Assalam Alaikom Warahamatollahi - Ho aminao anie ny fiadanana sy ny famindram-pon’I Allah, avy eo dia nipetraka, dia namaly ny fiarahabany i Mpaminany (S.A.W) ary niteny hoe : "Roapolo". Ary tonga ny lehilahy fahatelo dia niteny hoe : "Assalam Alaikom Warahmatollahi Wabarakatoh - Fiadanana anie ho aminao sy famindram-pon'I Allah ary ny fahasoavany". Dia namaly azy i Mpaminany (S.A.W) ka niteny manao hoe : "Telopolo".

[Tsara]

Nisy lehilahy iray tonga teo amin'ny Mpaminany (S.A.W) ary niteny hoe : (Ho aminao anie ny fiadanana) ary namaly azy izy, dia nipetraka, ka niteny ny Mpaminany (S.A.W) : Nanoratana asa soa folo ho azy, ary tonga ny iray hafa niteny manao hoe : (Ho aminao anie ny fiadanana sy ny famindram-pon’I Allah), dia namaly izy ka nipetraka, ka hoy ny Mpaminany (S.A.W) : Nahazo valisoa roapolo izy, avy eo dia tonga ny iray hafa ka niteny hoe : (Ho aminao anie ny fiadanana sy ny famindram-po ary ny fitahian'I Allah), namaly azy i Mpaminany (S.A.W) ary niteny manao hoe : Nahazo valisoa telopolo izy. Izany hoe, valisoa folo isaky ny teny.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee